



## NY FIHEVERANA NY HASINA SY NY HASIN'NY TENA

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho : voambolana mifandray na mikasika ny teny hoe : "HASINA" - fitsipi-piainana tsotra manome lanja ny hasina. | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** : - mampihatra ny fitsipi-piainana tsotra ao an-dakilasy - mamorona fehezanteny momba ny fitsipi-piainana tsotra manome lanja ny hasina. |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** mamorona fehezanteny momba ny fitsipi-piainana tsotra manome lanja ny hasina aho.






### SAHANASA 1 : MAMAKY TENY AHO

- dinihiko ny sary
- **iza no hita avy hatrany eo amin'ny lohalaharana ? iza sy iza indray no hita miaraka mialahatra amin'ilay olona mandeha irery ?**
- **inona no ataon'io lehilahy mandeha irery io ? inona no ataon'ireo lehilahy roa miaraka ireo ?**
- **inona no hita any afara ?**
- saintsainiko ny hitako ao anaty sary dia hamoronako tantara



### SAHANASA 2 : MITENY AHO / MANORATRA AHO

- tantaraiko izay zavatra hitako ao amin'ny sary : ireo lehilahy hita eo amin'ny lohalaharana, ny trano tazana ery afara
- inona avy ireo mpamari-toetra entina mamaritra ny toetran' io lehilahy io ? karazan'olona manao ahoana ny olona toa io ?

Olona very hasina, ratsy fitondran-tena, mpisotro toaka

- jereko ny hevitry ny teny hoe "hasina" dia tadiaviko ny voambolana sy andianteny mifandray amin'ny teny hoe hasina mifandray amin'ny fihetsik'ilay lehilahy anaty sary
- tanisaiko ireo fitsipika mifehy ny fiainan'ny olona atao hoe manan-kasina, misy hasina : ao an-tokantrano, eny amin'ny fiaraha-monina ary koa ao an-dakilasy
- inona ny fitsipi-piaina mifehy ny mpianatra ao an-dakilasy mba hampisy hasina ny fianarana atao, sy hampanan-kasina ny ankizy tsirairay ?

IREO NAMOLAVOLA
*FIERENANA H. Hery - EPP Ampataranàna ; RAZAFIMANGA Minah - EPP Mahambo ; RAZAFISOA Jeannine - EPP Antsikafoka ; IAZY M. Mathilde - CEG Vohilengo ; VAVY Olga - CEG Saranambana ; SABININA Franckie - CEG Antsiradava ; SINY Annica - EPP Ampasimpotsyl (CISCO Fenoarivo Atsinanana)*

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- mifanakalo hevitra miaraka amin'ny namako aho manazava ny oha-pitenenana hoe "masina ny ray aman-dreny"
- miainga amin'ny hevitra hoe manan-kasina ny ray aman-dreny,
- mijery ny antony, sy ny vokatr'izany fananana hasina izany eo amin'ny ankohonany, fianakaviany, fiaraha-monina
- atao ny fandravonana amin'ny hoe noho ny fananan'ny ray aman-dreny hasina, dia masina izy

## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- tanisaiko ireo fitsipi-piainana tsotra dimy mifehy ao an-dakilasy
- hamoronako fehezanteny ireto andianteny manaraka ireto : manan-kasina, hasin'ny tena, very hasina, haja



IREO NAMOLAVOLA
FIERENANA H. Hery - EPP Ampataranàna ; RAZAFIMANGA Minah - EPP Mahambo ; RAZAFISOA Jeannine - EPP Antsikafoka ; IAZY M. Mathilde - CEG Vohilengo ; VAVY Olga - CEG Saranambana ; SABININA Franckie - CEG Antsiradava ; SINY Annica - EPP Ampasimpotsyl (CISCO Fenoarivo Atsinanana)